MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

*******

# DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2025- 1959

## Mametraka ny rafitra mifehy ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra

### *NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,*

Araka ny Lalam-panorenana ;
Araka ny Fanapahan-kevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana laharana faha 10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 izay manaiky sy manome ny fahefana ho an'ny miaramila mahefa, izay soloin'i Kolonely RANDRIANIRINA Michaël tena, hanatanteraka ny andraikitra maha Lehiben'ny Fanjakana ;
Araka ny Lalàna laharana faha 2014-006 tamin'ny 17 jolay 2014 novana sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2016-031 tamin'ny 23 aogositra 2016 momba ny ady amin'ny heloka an'habaka ;
Araka ny Lalàna laharana faha 2014-025 tamin'ny 10 desambra 2014 momba ny sonia elektronika ;
Araka ny Lalàna laharana faha 2014-026 tamin'ny 10 desambra 2014 mametraka ny fitsipika ankapobeny mikasika ny tsy fikirakirana taratasy ny amin'ny fomba arahina ara-pitantanan-draharaham-panjakana ;
Araka ny Lalàna laharana faha 2014-038 tamin'ny 09 janoary 2015 mikasika ny fiaravona ny angon-drakitra manokana;
Araka ny Lalàna laharana faha 2018-027 tamin'ny 08 febroary 2019 momba ny sora-piankohonana ;
Araka ny Lalàna laharana faha 2025- 019 tamin'ny 27 aogositra 2025 momba ny fampahafantarana ny olon-tsotra ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2022-866 tamin'ny 08 jona 2022 namoronana sy nametrahana ny sata mifehy ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra (UGD) ;
Aaraka ny Didim-panjakana laharana faha 2023- 515 tamin'ny 09 may 2023 mikasika ny Laharana Tokana Famantarana (NUI);
Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2023-1541 tamin'ny 06 desambra 2023, novana sy nofenoin'ny Didim-panjakana laharana faha 2025-696 tamin'ny 18 jona 2025 momba ny anjara raharaha, ny fandaminana ary ny Fomba fiasan'ny Vaomiera Malagasy misahana ny Informatika sy ny Fahalalahana "CMIL";
Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2024-107 tamin'ny 31 janoary 2024 mamaritra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny fandaminanana ankapobeny ny Minisiterany;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2025-1101 tamin'ny 20 oktobra 2025 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2025-1114 tamin'ny 28 oktobra 2025 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta;

*Araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra; ;*

*Ao amin'ny Filan-kevitry ny Governemanta,*

## DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO:

# LOHATENY VOALOHANY: FEPETRA ANKAPOBENY

### Andininy 1 - Antony

Ho fampiharana ny Lalàna laharana faha 2014-026 tamin'ny 10 desambra 2014 tamin'ny 10 desambra 2014 mametraka ny fitsipika ankapobeny mikasika ny tsy fikirakirana taratasy ny amin'ny fomba arahina ara-pitantanan-draharaham-panjakana ; ity didim-panjakana ity dia mametraka ny rohivoary momba ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, ary mametra ny fitsipi-pitantanana mikasika izany.

Io rohivoary io dia ahitana :

- Foto-drafitr'asa sy fomba ara-teknika entina hiantohana ny fifanakalozana voaaro, azo antoka sy azo arahina hoan'ny angon-drakitra;
- Ary koa ny rafi-pitantanana sy fizotra arahina izay miantoka ny fandrindrana, ny fizohina ary ny fanaraha-maso ireo mpisehatra voakasik'izany.

### Andininy 2 - Famaritana

Araka ny voalazan' ity Didim-panjakana ity, ny atao hoe:

- **Boky mirakitra ireo fitaovana ampiasaina amin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra na CPIOp** : rejisitra mamaritra ireo fitaovana fampiasa amin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra eto an-toerana. Ny fitaovana azo ifampizarana dia mety ho angon-drakitra, tahirin-kevitra, serivisy, fitaovana, fenitra, famaritana.

  Ny CPIOp dia tantanin'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra, izay miantoka ny fanavaozana tsy tapaka mba hisorohana ny fahalanin'andron'ireo fitaovana voatanisa ireo.

- **Tontolon'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra Nasionaly na ENIOp :** sehatra stratejika, ara-drafitra, ara-teknika sy araka ny Lalàna napetraky ny Fanjakana Malagasy mba ahafahan'ny rafitra fampahalalam-baovaon'ny vondron-draharaham-panjakana samihafa, ireo orinasa fehezin'ny fanjakana nefa

manana fitantanana mahaleo tena sy ireo tsy miankina, mifandray amin'ny fomba mirindra, azo antoka sy mahomby.

- **Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra:** fahafahan'ny fikambanana maromaro mifandray am-pilaminana, azo antoka ary mahomby amin'ny alàlan'ny fizarana antontan-kevitra sy fahalalana ao anatin'ny rafitra iray efa nifanarahana. Izany dia miorina amin'ny ambaratonga efatra: ara-dalàna, ara-pandaminana, mitovy dika tsy misy fifangaroan-kevitra ary ara- teknika**.**

- **Mpikambana ao amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly:** vondron-draharaha, tompon'ny rafitra fampahalalam-baovao izay voamarina ny maha-pikambana azy ao anatin'izany.

- **Rafitra Fifanakalozana Nasionaly na SEN:** manondro ny fahafahana mifanakalo antontan-kevitra eo amin'ireo fikambanana samihafa ao anatin'ny fiarovana tanteraka ny tsiambaratelo, ny fahitsiana ary ny tsy fandavana ny fifanakalozana.

- **Rafitra fampahalalam-baovao:** fitambarana enti-manana voalamina (olona, angon-drakitra, fizotra arahina, fitaovana, rindram-baiko) izay ahafahana manangona, mitahiry, mikarakara ary manely ny vaovao ao anatin'ny toe-javatra iray.

- **Serivisy fampiasa miaraka** : manondro ireo fitambaran'ny fiasa ataon'ny mpikambana iray, azo idiran'ny mpikambana hafa amin'ny alalan'ny SEN.

## Andininy 3 – Sehatra fampiharana

Ity didim-panjakana ity dia mihatra amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly, tsy misy fiantraikany amin'ny fanajana ny fitsipi-dalàna manankery, indrindra fa ireo mifandraika amin'ny fiarovana ny angon-drakitra manokana.

# LOHATENY II – TONTOLON'NY LASI-PIFANDRAISAN'NY RINDRAM-BAIKO SY NY AGON-DRAKITRA NASIONALY « ENIOp »

**Andininy 4 –** Ny Tontolon'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra Nasionaly dia ahitana :

- Ny rafi-pitantanana ;
- Ny Sehatra Nasionalin' ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra;
- Ny fifanekena Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ;
- Ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly ;
- Ny Boky mirakitra ireo serivisy fampiasa miaraka;
- Ny fombafomba fanamarinana, fanomezan-dalàna ary firaiketana isan'andro;
- Ny politika momba ny fiarovana informatika.

## TOKO I – RAFITRA FIFANAKALOZANA NASIONALY

**Andininy 5 –** Ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly no mandrafitra ny fotodrafitr'asa ara-teknika ho an'ny fifanakalozana angon-drakitra , izay tanterahina ao anatin'ny Rafitra Nasionalin'ny Lafi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

Izy io dia miorina amin'ny mari-drafitra voatsinjara izay ahafahan'ireo vondron-draharaham-panjakana sy, raha ilaina, ireo vondron-draharaha tsy miankina nahazo alalàna hifanakalo angon-drakitra amin'ny fomba azo antoka, azo arahana ary mifanaraka amin'ny fitsipi-dalàna manankery.

Ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly dia ahitana, indrindra :

- Sokajim-pitaterana azo antoka;
- Ireo fifamatorana Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny agon-drakitra naparitaka ao anivon'ireo vondron-draharaha mpandray anjara;
- Ireo fomba fanamarinana mafonja, fanomezan-dalana ary fitantanana ny fidirana;
- Fitaovana firaiketana isan'andro ireo fifanakalozana sy fanaraha-maso ara-teknika.

Ny firaiketana isan'andro voalazan'ity andininy ity dia voafetra ho an'ny angon-drakitra teknika izay tena ilaina amin'ny fanarahana sy fiarovana ireo fifanakalozana. Tsy mihatra amin'ny votoatin'ny fifandraisana elektronika, izay arovan'ireo fitsipika fototra momba ny tsiambaratelo sy ny tsiambaratelon'ny asa izay voalazan'ny andininy faha 7 ny Lalàna laharana faha 2005-023 tamin'ny 17 oktobra 2005, novana sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2021-035 tamin'ny 27 janoary 2022 anavaozana ny drafi-pitondrana ny sehatr'asa momba ny fifandraisan-davitra.

Ny fepetra fiarovana ampiharina dia tsy maintsy mifandanja sy mifanaraka amin'ireo andraikitra isan-tsehatra mihatra amin'ireo mpandraharaha misahana ny fifandraisan-davitra.

Ny famaritana ara-teknika, ny fomba fanao iraisana mihatra ary ireo fomba arahina amin'ny fanantanterahina dia voafaritra ao amin'ny Sehatra Sasionalin' ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra , izay noraisina mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

## TOKO II – SEHATRA NASIONALIN'NY LASI-PIFANDRAISAN'NY RINDRAM-BAIKO SY NY ANGON-DRAKITRA

**Andininy 6 – Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia mifehy ny fifanakalozana angon-drakitra ao anatin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Izy dia mamaritra ny fitsipika fototra, ny didy sy ny fenitra arahina mba iantohana ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ara-teknika, mitovy dika tsy misy

fifangaroan-kevitra, ara-pandaminana sy araka ny lalàna eo amin'ireo rafitra fampahalalam-baovaon'ireo vondran-draharaham-panjakana sy, raha ilaina, ireo mpiara-miombon'antoka nahazo alalàna.

Ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia averina jerena tsy tapaka isaky ny dimy (05) taona farafahakeliny, na isaky ny mitaky izany ny fivoaran'ny teknolojia na ny didy amam-pitsipika, mba hisorohana ny fahalanian'andro ireo fomba fanao iraisana.

Laniana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, araka ny tolo-kevitry ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra. Izany fandaniana izany dia manankery toy ny fenitra ara-teknika tsy azo ihodivirana ho an'ny mpandray anjara voakasika.

Tsy maintsy hajain'ny mpikambana rehetra ao amin'ny SEN izany.

**Andininy 7 – Ireo fifanekena Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ireo fifanekena Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia mamaritra ireo andraikitra ara-teknika, ara-pandaminana, araka ny lalàna, sy ara-bola izay mampifandray ireo mpikamban'ny SEN amin'ny Fanjakana. Voafaritra manokana ao anatin'izany ireto manaraka ireto:

- Ireo serivisy fampiasa miaraka mifandraika amin'izany;
- Ireo fanekena momba ny fahafahana mampiasa, fitohizan'ny serivisy sy ny fiarovana;
- Ny fomba fiasa amin'ny famahana ny tranga mety hiseho;
- Ireo fepetra hifanekena mikasika ny tsiambaratelo, ny andraikitra ary ny fialana amin'ny fitaovana.

Ireo fifanekena dia soniavin'ny vondron-draharaha, mpikambana sy ny UGD, aorian'ny fanehoan-kevitry ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

## TOKO III – BOKY MIRAKITRA IREO SERIVISY FAMPIASA MIARAKA

**Andininy 8 –** Ny Boky mirakitra ireo serivisy fampiasa miaraka dia mirakitra ireo sehatra fifandraisana, fitaovana sy serivisy nomerika azo ampiasaina amin'ny alalan'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Ny vondron-draharaha mpikambana ao amin'ny SEN dia takiana hanoratra ny anaran'ireo serivisiny, mifanaraka amin'ny fitsipika voalazana'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

## TOKO IV – FOMBAFOMBA FIAROVANA SY FIRAIKETANA ISAN'ANDRO

**Andininy 9 –** Ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly no mampiditra ireo fombafomba fanamarinana mafonja, fanaraha-maso ny fidirana, fanomezan-dalana ireo fifanakalozana sy firaiketana isan'andro.

Ireo rafi-pandaminana ireo dia miantoka :

- Ny fahitsiana ;
- Ny fahafahana manaraka ireo angon-drakitra nifanakalozana ;
- Ny tsy fandavana ny fifanakalozana nomerika.

### TOKO V – POLITIKAM-PIAROVANA NY FIFANAKALOZANA NY TONTOLON'NY LASI-PIFANDRAISAN'NY RINDRAM-BAIKO SY NY ANGON-DRAKITRA NASIONALY

**Andininy 10 –** Apetraka ny politikam-pirenena momba ny fiarovana ireo fifanakalozana mihatra amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Tontolon'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra Nasionaly.

Io politika io dia mamaritra manokana ireo fepetra takiana farany ambany indrindra momba ny fiarovana sy ny fenitra tsy maintsy hajaina ary koa ny andraikitr'ireo mpandray anjara.

Izany politika izany dia volavolain'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra ary ankatoavin'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra na CNIoP.

## LOHATENY III: FIDIRANA AMIN'NY RAFITRA FIFANAKALOZANA NASIONALY

**Andininy 11 – Famaritana ireo mpikambana**

Heverina ho toy ny mpikambana ao anatin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, ny vondron-draharaham-panjakana rehetra, ireo orinasa fehezin'ny fanjakana nefa manana fitantanana mahaleo tena sy ireo tsy miankina nahazo alàlana, izay :

- mampiseho serivisy iray na maromaro amin'ny alàlan'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly ;
- na mampiasa ireo serivisy atolotr'ireo mpikambana hafa;
- na mandray anjara amin'ny mari-drafitra efa miasa na ara-teknikan'ny rohivoary.

Tsy mpikambana kosa ireo vondron-draharaha izay mandray anjara fanampiny na tsy maharitra, toy ny fanomezana serivisy ara-teknika fototra na fitehirizana vonjimaika ireo fifamatorana.

**Andininy 12 – Ireo fepetra fidirana**

Ny vondron-draharaham-panjakana rehetra, ireo orinasa fehezin'ny fanjakana nefa manana fitantanana mahaleo tena sy ireo tsy miankina izay manana filàna Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra sy mahafeno ireo fepetra takian'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, dia afaka miditra ao amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Ny fidirana dia miankina amin'ny:

- Fankatoavana ara-teknika avy amin'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra;
- Fanasoniavana ny fifanarahana momba ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

**Andininy 13 – Fepetra takiana ara-teknika misy sarany hoan'ireo mpikambana**

Ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia mamaritra, miaraka amin'ireo mpandray anjara, ireo fitsipika, fepetra takiana mialoha ary ireo fepetra ara-teknika momba ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Rehefa misarika sara sy enti-manana hoan'ireo mpikambana ireo fepetra takiana mialoha ireo, dia voatondro mazava ao anatin'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ireo fepetra takiana, ampiarahana amin'ny takelaka mamaritra ny ambangovangon'ireo fiantraikany ara-bola.

Izany fepetra takiana izany dia tsy maintsy ankatoavin'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

## LOHATENY IV – FITSIPIKA AKAPOBEN'NY LASI-PIFANDRAISAN'NY RINDRAM-BAIKO SY NY ANGON-DRAKITRA

**Andininy 14 – Andraikitra fanarahan-dalàna ao amin' ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ny vondron-draharaha rehetra mpikambana ao amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly dia tsy maintsy manaraka ireo fenitra, fomba fanao iraisana, fomba arahina sy ireo torolalana iraisana voafaritry ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, izay nankatoavina mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

Io andraikitra io dia mihatra amin'ny lafiny teknika, mitovy dika tsy misy fifangaroan-kevitra, aram-pandaminana sy araka ny Lalàna mifehy ireo fifanakalozana angon-drakitra fampiasa miaraka.

**Andininy 15 – Fanajana ireo endrika, torolalana iraisana ary tahirin-kevitra**

Ireo fifanakalozana fampiasa miaraka dia tsy maintsy manaja ireo endriky ny angon-drakitra, firafitry ny angom-baovao, voambolana voafehy ary fomba fifandraisana izay voafaritra ao anatin'ny torolalana iraisana arahina eto amin'ny Firenena, izay ankatoavina ao anatin'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

Ireo fifanakalozana ireo dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo lalàna sy fitsipika manankery mikasika ny fiarovana an'habaka, ny fiarovana ny angon-drakitra manokana ary ny tsiambaratelon'ny fifanakalozana nomerika, indrindra ireo lalàna laharana faha 2014-006 sy ny laharana faha 2014-038.

Ny vondron-draharaha tsirairay dia tsy maintsy mamoaka ampahibemaso sy mitahiry tahirin-kevitra teknika sy miasa an'ireo servisy izay atolony na ampiasainy, izay mifanaraka amin'ireo fepetra takiana momba ny kalitao, ny fangaraharana ary ny fahafahana mikojakoja, izay faritan'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

**Andininy 16 – Andraikitr'ireo mpikambana**

Ny mpikambana tsirairay dia manaiky fa:

- Hanaja ireo fenitra, fomba fanao iraisana sy ireo fitsipika fiarovana voafaritry ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra;
- Hamoaka ampahibemaso ny tahirin-kevitr'ireo serivisiny ao anatin'ny rejisitra Nasionaly;
- Hiazona ny fahafahana mampiasa sy ny kalitaon'ny serivisy atolotra;
- Hiantoka ny fiarovana ireo angon-drakitra manokana;
- Hanome solon'anarana na hanafina ireo angon-drakitra saropady raha azo atao;
- Maminavina ireo fombafomba fifanekena mazava hoan'ireo serivisy izay mikirakira ireo angon-drakitra manokana;
- Hitahiry ireo firaiketan'asa mba ahafahan'ny manampahefana mahefa miditra.

**Andininy 17 – Fanajana ireo andraikitra araka ny lalàna mihatra**

Ireo fifanakalozana angon-drakitra atao amin'ny alalan'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly dia tanterahina tsy misy fiantraikany amin'ny lalàna sy fitsipika manankery, indrindra ireo mahakasika ny:

- Fiarovana ireo angon-drakitra manokana;
- Fiarovana an'habaka sy fiarovana ireo rafitra fampahalalam-baovao;

- Tsiambaratelo sy ny adidy aman'andraikitra amin'ny fikirakirana mandeha ho azy;
- Fiankohonana ;
- Fampahafantarana ireo olon-tsotra ;
- Laharana Tokana Famantarana.

**Andininy 18 – Ireo adidy aman'andraikitry ny mpikambana**

Ny mpikambana rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny :

- Fikirakirana atao amin'ny alalan'ny serivisy atolony na ampiasainy;
- Fifehezana ireo tranga ara-teknika mety hiseho na fiarovana mifandraika amin'ny rafitra fampahalalam-baovao ananany;
- Fihazonana ny rafitra fampahalalam-baovao ananany ao anatin'ny fepetra ara-piarovana mifanaraka amin'ny fepetra voafaritry ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ;
- Fampanarahana ireo fomba fanaony amin'ny fitsipika manankery.

Ny adidy aman'andraikitry ny mpikambana dia voafetra amin'ny fikirakirana sy ny tranga mety hiseho mifandraika mivantana amin'ny sehatra teknika sy ara-pandaminana. Ireo mpikambana dia tsy tompon'nadraikitra amin'ny tsy fahombiazana na lesoka avy amin'ny mpisehatra hafa ao amin'ny rohivoary, na tranga hafa izay tsy vokatry ny tenany mivantana.

**Andininy 19 – Fanaraha-maso sy Fanombanana ny fanarahan-dalàna**

Ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia miantoka ny fanaraha-maso ny fampiharana ireo adidy aman'andraikitra voalazanan'ity lohateny ity.

Izy no mampanatanteraka na manome tolo-kevitra ny amin'ny fanaovana fitsirihina ny fanarahan-dalàna, manolotra hevitra fanitsiana, na fepetra fampiatoana araka ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

**Andininy 20 – Rejisitra Fanarahan-dalàna sy Fitsirihana**

Ny mpikambana tsirairay ao amin'ny SEN dia mitazona sy manavao tsy tapaka ny rejisitra momba ny fanarahana ireo fepetra takiana voalazan'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, anisan'izany ny fitsirihina natao, ny tranga voalaza, sy ireo fepetra fanitsiana noraisina. Ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia afaka mampanao ny fitsirihana ivelany isaky ny telo (03) taona. Misy ny tatitra famintinana isan-taona izay atolotra ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

Ny fitsirihana ivelany voalaza amin'ity andininy ity dia tanterahin'ireo olon-kafa mahaleo tena, tendrena, karamaina sy ankatoavin'ny UGD, mba hiantohana ny tsy fitanilàna ary ny tsy fiandaniana. Izy ireo dia voafehin'ny adidy hentitra amin'ny tsiamabaratelo.

Ny sehatra hanaovan'izy ireo fitsirihana dia tsy maintsy mifandanja, izay ankatoavin'ny mpikambana voakasik'izany mialoha ary tsy azo atao amin'ny antotan-kevitra voaaron'ny

tsiambaratelon'ny fifandraisan-davitra araka ny voalazan'ny andininy faha 7 amin'ny Lalàna laharana faha 2005-023 tamin'ny 17 oktobra 2005, novana sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2021-035 tamin'ny 27 janoary 2022 anavaozana ny drafi-pitondrana ny sehatr'asa momba ny fifandraisan-davitra;

**Andininy 21 – Andraikitra fampahafantarana ireo tranga mety hiseho**

Ny tranga ara-piarovana rehetra mety hiseho momba na tsy fanarahan-dalàna mahakasika ireo serivisy fampiasa miaraka dia tsy maintsy ampahafantarina ao anatin'ny valo amby efapolo (48) ora amin'ny andro fiasana ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra, ary ny Vaomiera Malagasy misahana ny Informatika sy ny Fahalalahana "CMIL" ho an'ireo tranga mahakasika ny angon-drakitra manokana.

Io fe-potoana io dia manomboka amin'ny fanamafisana ara-teknika ny tranga miseho ataon'ny vondron-draharaha voakasik'izany.

Ny fahampahafantarana dia mahakasika manokana ireo singa izay tena ilaina amin'ny fanombanana ny tranga mety miseho, ary tsy tafiditra ao anatin'izany ny votoatin'ny fifandraisana elektronika, izay arovan'ny fitsipika fototry ny tsiambaratelo izay voalazan'ny Lalàna laharana faha 2005-023 tamin'ny 17 oktobra 2005, novena sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2021-035 tamin'ny 27 janoary 2022 anavaozana ny drafi-pitondrana ny sehatr'asa momba ny Fifandraisan-davitra.

Ny fomba fanao fampahafantarana, anisan'izany ny fetran'ny hamafin'ny tranga sy ny toerana voatokana handraisana fampandrenesana, dia voalazan'ny Didim-pitodrana raisin'ny Minisitra misahana ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra.

**Andininy 22 – Fiantohana ny fahafahana mampiasa ireo fotodrafitrasa azo itokisana**

Ny Fanjakana dia miantoka, amin'ny alalan' ireo Andrim-panjakana mahefa, ny fitohizan'ny fampandehanana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly, indrindra amin'ny fanomezana fotodrafitrasa azo itokisana maharitra.

Izany fotodrafitrasa izany dia miantoka ny famoronana, fitantanana, fankatoavana sy fanalana ny fanamarinana elektronika ampiasaina ao amin'ny fifanakalozana fampiasa miaraka, mifanaraka amin'ireo fenitra fiarovana voalazan'ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra .

Ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia miandraikitra ny fandrindrana ara-teknika izany fotodrafitrasa izany, miaraka amin'ireo Fahefana mpanome fanamarinana nahazo alalàna.

**Andininy 23 – Fikirakirana ny angon-drakitra manokana**

Ny fikirakirana ny antotan-kevitra ao amin'ny sehatry ny fitantanana sy ny fampiasana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly dia misy lahasa mandeha ho azy mahakasika ny angon-drakitra manokana.

Ireo asa fikirakirana ireo dia tanterahina ao antin'ny fanajana tanteraka ireo lalàna amampitsipika manankery momba ny fiarovana ny angon-drakitra manokana.

**Andininy 24 – Zon'ny olona voakasik'izany**

Izay olona ifanakalozana angon-drakitra ao anatin'ny rafitry ny SEN dia manana ireto zo manaraka ireto, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna :

- Zo hahalala vaovao momba ny fikirakirana;
- Zo hiditra, hanitsy, hanohitra, hanafoana angon-drakitra;
- Zo hametraka fitarainana eo anivon'ny CMIL, izay miantoka fa mametraka rafitra azo idirana sy mahomby ireo mpikambana ao amin'ny SEN ahafahana mampihatra ireo zo ireo.

Tsy maintsy mametraka rafitra mora ampiasaina ireo mpikambana ao amin'ny SEN mba hampiharana tsara ireo zo ireo.

## LOHATENY V – FANDAMINANA SY FAMPANDEHANANA

**Andininy 25 – Fahefana Fitantanana ny Totolon'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra Nasionaly.**

Ny fitantanana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly « SEN » dia iantohan'ny Sampampitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra sy ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra .

### TOKO 1 : KOMITY NASIONALIN'NY LASI-PIFANDRAISAN'NY RINDRAM-BAIKO SY NY ANGON-DRAKITRA

**Andininy 26 – Firafitry ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia ahitana ireto mpikambana manaraka ireto, izay manana vato anapahan-kevitra :

1. Solotena iray (01) avy amin'ny Fiadidiana ny Praiminisitra;
2. Solotena iray (01) avy amin'ny Minisitera misahana ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra;
3. Solotena iray avy (01) avy amin'ireto Minisitera ireto : Atitany, Fitantanam-bola, Fahasalamana, Fampianarana, Fitsarana, Asam-panjakana, Sampan-draharaha momba ny Fananan-tany;
4. Solotena iray (01) avy amin'ny Vaomiera Malagasy misahana ny Informatika sy ny Fahalalahana (CMIL);
5. Solotena iray (01) tendren'ny Holafitry ny Injeniera Informatika;
6. Solotena iray (01) avy amin'ny sehatra tsy miankina;

7. Solotena iray (01) avy amin’ny Foibe Fidirana an-tsehatra momba ny Fiarovana ny Tambajotra sy ny Rafitra fampahalalam-baovao na CIRT;
8. Solotena iray (01) avy amin’ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra na UGD;

Ny mpikambana ao amin’ny Komity dia tendren’ireo vondron-draharaha izay soloany tena, amin’ny alalan’ny taratasy ofisialy izay alefa amin’ny Minisitra misahana ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra.

Ny mpikambana amin’ny Komity dia voatendry mandritra ny roa (02) taona, azo havaozina indray mandeha.

Raha misy fialana mialoha ataon’ny mpikambana iray, dia tendrena mandritra ny fe-potoam-piasana sisa ny mpisolo toerana azy.

Tanterahina an-tsitrapo ny asan'ny mpikambana, tsy misy fiantraikany amin'ny famerenam-bola ny fandaniana amin'ny iraka araka ny fitsipika manan-kery.

Ny solotenan’ny Minisitera misahana ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra no mitarika ny Komity.

Ny filoha lefitra kosa dia voafidy amin’ny alalan’ny maro an’isa tsotra amin’ireo mpikambana tonga manatrika ny fivoriana voalohan’ny taonan’ny Komity.

Izy no misolo toerana ny filoha raha misy ny tsy fahafahana na tsy fahatongavana, ary afaka miandraikitra ny asa fandrindrana manokana.

Afaka manatrika ny fivorian’ny Komity, atao ho fakan-kevitra, tsy manana vato anapahan-kevitra ireto manaraka ireto :

- Solotena iray (01) avy amin’ny Foibem-pirenena momba ny Fiankohonana sy ny Mombamomba ny tena na CNECI ;
- Solotena iray (01) avy amin’ny Vaomiera Malagasy misahana ny Informatika sy ny Fahalalahana na CMIL ;

Ny Komity dia afaka manasa, araka ny lohahevitra voasoratra amin’ny lahadinika, ireo Ministera hafa, Andrim-panjakana, fikambanana na matihanina ho fakan-kevitra.

Solotena iray avy amin’ny Sampam-pitantanana misahana ny Haitao ara-kajy Mirindra dia manatrika fivoriana ho fakan-kevitra ary miantoka ny fandraisana an-tsoratra ara-teknika ny Komity.

**Andininy 27 – Fivorian’ny Komity Nasionalin’ny Lasi-pifandraisan’ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ny Komity Nasionalin’ny Lasi-pifandraisan’ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia mivory farafahakeliny in-droa (02) isan-taona amin’ny fivoriana ara-potoana, amin’ny alalan’ny fiantsoana ataon’ny filoha.

Afaka mivory amin'ny fivoriana tsy ara-potoana ny Komity rehefa antsoin'ny filohany na ny maro an'isa amin'ny mpikambana.

Raha misy hamehana ara-drariny, afaka miantso fivoriana tsy ara-potoana avy lavitra ny filoha, amin'ny alalan'ny fomba elektronika azo antoka rehetra.

Afaka manapa-kevitra ny Komity raha toa ka mahafeno ny antsasaky (1/2) ny mpikambana no tonga. Raha tsy tratra io isa fetra io dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka izay apetraky ny filoha ny fivoriana.

**Andininy 28** – **Asa sy anjara raharahan'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra**

Ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra dia miantoka ny fahombiazan'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ho fanohanana ny asan'ireo vondron-draharaham-panjakana na tsy miankina. Io Komity io dia mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra amin'ny ankapobeny eo amin'ny sehatra nasionaly sy amin'ny sehatra maro samihafa.

Araka izany, izy dia :

- Mankato ny sori-dalana stratejika ho an'ny fampandrosoana sy ny fampiasana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly avy amin'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra na avy amin'ny mpikambana ao amin'ny Komity;
- Manamarina ireo fanavaozana isan'andro ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra izay atolotry ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra;
- Manome tolo-kevitra ho fampiroboroboana ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra eo anivon'ireo vondron-draharaham-panjakana sy ireo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana ;
- Manolotra zotra-piaraha-miasa miaraka amin'ireo sampan-draharaha iraisam-pirenena mahefa amin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, miaraka amin'ireo governemanta vahiny sy ireo fikambanana iraisam-pirenena ;
- Manara-maso ny fanatanterahana ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ary mamolavola hevitra, fanairana na tolo-kevitra raha toa ka misy tsy fanarahana ara-drafitra.

## TOKO 2 – SAMPAM-PITANTANANA MOMBA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA

**Andininy 29** – **Asa sy anjara raharahan'ny Sampam-pitantanana momba ny haitao ara-kajy Mirindra**

Ny Sampam-pitantanana momba ny haitao ara-kajy Mirindra dia misahana ny fandrindrana stratejika, ny fanaraha-maso ny fampandehanana, ary ny fanarahana ny fiasan'ny vondrona mandrafitra ny Tontolo Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

Araka izany, ireto manaraka ireto ny anjara asany:

- Famolavolana sy fanatanterahana ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra;
- Fitantanana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly na SEN;
- Fitantanana ny Boky mirakitra ireo serivisy fampiasa miaraka;
- Fanaraha-maso ireo fifanekena Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra;
- Fandrindrana ireo fomba fanamarinana, fanomezan-dalana sy firaiketana isan'andro;
- Famolavolana sy fanarahana ny politikam-pirenena momba ny fiarovana informatika;
- Fanaovana tantsoroka ireo rafi-pitantanana.

## LOHATENY VI – FANARAHA-MASO SY SAZY FAMAIZANA

**Andininy 30 – Fomba fanaraha-maso**

Ny Sampam-pitantanana momba ny haitao ara-kajy Mirindra dia miantoka ny fanaraha-maso ara-teknika sy ara-pitantanana ny fampiasana ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Izy dia manatanteraka io asa io miaraka amin'ny :

- Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, ho an'ny fanarahana stratejika ny fanatanterahana ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra ;
- Ary miaraka amin'ny Vaomiera Malagasy misahana ny Informatika sy ny Fahalalahana na CMIL, ho an'ny lafiny mikasika ny fiarovana ny angon-drakitra manokana.

Ny UGD sy ny CMIL dia afaka mamolavola miaraka ireo fomba fanaraha-maso mirindra, izay samy mampihatra ny fahaiza-manaony avy.

**Andininy 31 – Fomba arahina amin'ny fizahana ny tsy fanarahan-dalàna**

Raha misy ahiahy na famantarana ny tsy fanarahana ny Sehatra Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra na ny adidy voalaza ato amin'ity didim-panjakana ity, dia afaka manomboka fomba fiasa mifanohitra ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra.

Izany fomba arahina izany dia ahitana:

- Fampahafantarana an-tsoratra ireo zava-nisy volazana amin'ny vondron-draharaha voakasika;
- Fe-potoana araka ny tokony ho izy mba hanaovana fanamarihana na fanamarinana;
- Fanaovana tatitra momba ny fizahana izay alefa ho fakan-kevitra any amin'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra.

**Andininy 32 – Fepetra fanitsiana sy famaizana ara-tsokajiny**

Aorian'ny fomba fiasa mifanohitra, ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia afaka mametraka fepetra iray na maromaro ho an'ny vondron-draharaha voakasika , amin'ny fomba mifandanja sy mifanaraka toy ny:

- Fampitandremana ofisialy ;
- Fampitandremana miaraka amin'ny fe-potoana fanarenana ;

Ireto sazy famaizana manaraka ireto dia tsy afaka ampiharina raha tsy mahazo hevitra avy ain'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, afa-tsy amin'ny tranga hamehana voamarina :

- Fampiatoana vonjimaika ny fidirana amin'ny serivisy sasan-tsasany ao amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly ;
- Raha misy famerenan-keloka na tsy fanatanterahana goavana, fanapahana amin'ny ampahany na manontolo ny fidirana amin'ny rafitra fitsirihana.

Ny fitambaran'ireo fepetra ireo dia tsy maintsy manaja ny fitsipika fototra momba ny fifandanjana, ny filàna ary ny fangaraharana.

**Andininy 33 – Fampiatoana noho ny antony ara-piarovana**

Raha misy tsy fanatanterahana goavana na fandrahonana avy hatrany ny fiarovana, ny fitohizana na ny fanarahana ny fifanakalozana angon-drakitra, ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy Mirindra dia afaka mampihatra, ho fepetra fisorohana, hampiato vetivety ny fidiran'ny vondron-draharaha iray amin'ny Rafitra Fifanakalozana Nasionaly.

Manankery mandritra ny telopolo (30) andro fara-fahabetsany ity fampiatoana ity.

Ampahafantarina avy hatrany tsy misy fe-potoana amin'ny vondron-draharaha voakasik'izany, ary alefa any amin'ny Komity Nasionalin'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra, izay manapa-kevitra amin'ny fivoriana mahazatra na tsy ara-potoana manaraka.

Ny Komity no mandray ny fanapahan-kevitra farany, na raha tsy izany dia ny Minisitra miandraikitra ny Nomerika.

Ny fepetra rehetra fampiatoana na fampitsaharana ny serivisy momba ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy ialohavana fomba fiasa mifanohitra sy mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny Komity, araka ny fanapahan-kevitry raisin'ny Komity.

Ny fampiatoana avy hatrany izay natomboky ny Komity dia tsy azo raisina raha tsy misy fandrahonana lehibe sy voaporofo ho an'ny fiarovam-pirenena.

**Andininy 34 – Lalana Fampakaran-draharaha**

Ireo fepetra raisina ho fampiharana ity lohateny ity dia afaka hanaovana fampakaran-draharaha tsy andoavam-bola na ara-ambaratongam-pahefana eo anivon'ny Fahefana izay namoaka azy ireo.

Ireo fampakaran-draharaha ireo dia ampiharina tsy misy fiantraikany amin'ny lalana fampakaran-draharaha ara-pitsarana izay voalazan'ny lalàna manan-kery.

## TOKO VII: FEPETRA SAMIHAFA SY FARANY

**Andininy 35 – Fampanarahana lalàna**

Manana fe-potoana herintaona (01) ireo mpikambana ao amin'ny Tontolon'ny Lasi-pifandraisan'ny rindram-baiko sy ny angon-drakitra Nasionaly mba hanarahana ireo fepetra ato amin'ity didim-panjakana ity manomboka amin'ny daty hanombohany manan-kery.

**Andininy 36 – Fepetra fanafoanana**

Foana sy foanana ireo fepetra mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

**Andininy 37 – Fepetra hamehana**

Noho ny hamehana sy araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 4 sy faha 6 andàlana faha 2 amin'ny hitsivolana laharana faha 62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna Iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manankery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny haino amanjery, ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

**Andininy 38 – Fepetra farany**

Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola, Ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, Ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana ary ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, no miandraikitra ny fanantanterahanaa ity didim-panjakana ity, amin'izay mahakasika azy avy, izay havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Natao tao Antananarivo, ny 17 desambra 2025

**Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ,** **RAJAONARIVELO Herintsalama**

**Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola**

***RAMIARISON Herinjatovo Aimé***

**Ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra**

***ANDRIAMAMPIADANA Mahefa***

**Ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana**

***ANDRIAMADISON Haingotiana Michela***

**Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina**

***MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa***